

**TATITRY NY ATRIKASA HO AMIN'NY « FIOFANANA MOMBA NY MIRALENTA SY NY
VEHIVAVY MANOLOANA NY FIFIDIANANA IFOTONY HO AN'NY KAOMININA
MITSINJO BETANIMENA »**



**18 hatramin'ny 21 septambra 2012
Ecole SACRE COEUR Toliary I, Kaominina Mitsinjo Betanimena,
Distrika Toliary Faharoa
Faritra Atsimo Andrefana
MADAGASIKARA**

Fizahan-takelaka

FIZAHAN-TAKELAKA	2
FAMINTINANA	3
TANTARA	6
FIZOTRY NY ATRIKASA	6
FAHATRARANA NY TANJONA	20
IREO FANAMBY	20

Tovana

TOVANA A : FANDAHARAM-POTOANA	21
TOVANA B: FANAMARINAM-PAHATONGAVANA	24
TOVANA D : FAMOLAVOLANA NY PROJET DE SOCIETE	27
TOVANA E: TOMBAN'NY ATRIKASA	31

FAMINTINANA

- **Dingana, daty, toerana:**

Ny Dingana faha-04 na stage 4 « Fiofanana momba ny Miralenta sy ny Vehivavy manoloana ny fifidianana ifotony » no notanterahana ny 18 ka hatramin'ny 21 septambra 2012 tao amin'ny Ecole SACRE COEUR Kaominina Toliara Distrika Toliara I Faritra Atsimo Andrefana.

- **Ireo tompon'andraikitra nanatrika ny fanokafana sy lahateny nisongadina**

Nahitana ny Ben'ny Tanàna, Andriamatoa RELAMBO Justin, ny Lefitry ny Lehiben'ny Distrika Toliara II, ary ny Lehiben'ny Boriborin-tany Mitsinjo Betanimena tamin'ny andro voalohan'ny faha 18 septambra 2012 izay niantomboka tamin'ny 09 ora latsaka fahefany maraina.

Ny Ben'ny Tanàna no nanokatra ny fotoana, nirary soa sy niarahaba ireo mpandray anjara rehetra ary nankasitraka ny fahatongavan'ny mpampiofana, dia Andriamatoa RANDRIAMAHEFA Justin avy amin'ny Association des Elus Sensibles au Genre (A.E.S.G.) hitondra zava-baovao ilain'ny fampandrosoana.

Naneho ny fahavononany hiroso amin'ny Miralenta sy ny fanentanana ny fandraisan'andraikitra ny vehivavy izy izay misolo tena ny Kaominina. Hita taratra sahady tamin'ny fahavononany nanasa ireo solotenan'ny ankolafin-kery samihafa teo an-tanàna, ary ireo mpisehatra ivelan'ny Commune Mitsinjo Betanimena sy ny fifehezany sahady ireo dingana rehetra tsy maintsy hatao noho izy efa nanaraka ny fihaonana niaraka tamin'ireo Ekipa Mpitantana ny Tanàna, ka hita soritra avy hatrany ny fahavononan'ny Kaominina Mitsinjo Betanimena. Tsikaritra ho efa nangetaheta sahady izay ho vohizina mandritra ny atrik'asa ireo mpizaika nohon'ny fahitan'izy ireo ny vitrika nasehon'ny Ben'ny Tanàna, ary toky ho azy ireo ny nahafantatra fa efa nihaona tamin'ireo Mpitantana ny Tanàna ny Mpampiofana talohan'izao, ary efa nanaiky ny hampihatra ny politikan'ny Miralenta ireo Tompon'andraikitra ireo. Ny fahitana ny hery velona sy ankolafin-kery tonga maro dia manambara hoy ny Ben'ny Tanàna fa vonona handray an-tanana ny fampandrosoana ny Kaominina Mitsinjo Betanimena. Ny Lefitry ny Lehiben'ny Distrika no nirary soa ny mpizaika ary nanambara amin'ny fomba ofisialy ny fisokafan'ny atrik'asa.



Dia nirosoana ny fanaovan-tsonia ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny Gender Links sy ny Commune Mitsinjo Betanimena.

Rehefa nandray fitenenana ny solotenan'ireo mpampiofana, Andriamatoa RANDRIAMAHEFA Justin, dia naneho ny fisaorana ny Ben'ny Tanàna sy ireo mpandray anjara rehetra tonga. Nanasa ireo mpanatrika rehetra izy hifindra Nitondra ny fanazavany izy mahakasika ny:

1. Ny fisiana sy ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny ONG Gender Links sy ny PNUD
2. Ny antom-pahatongavan'ny Fikambanana AESG eto Mitsinjo, izay soloitenan' Andriamatoa RANDRIAMAHEFA Justin
3. Ny fifanaraham-piaraha-miasa misy io Fikambanana voalaza etsy ambony io sy ny PNUD izay mamatsy vola ny fanatontosana ireo tantsoroka sy fampiofanana eto amin'ny Kaominina Mitsinjo Betanimena
4. Ny "processus centre d'excellence" eo amin'ny fametrahana ny Miralenta eny ifotony, sy ireo dingana efa nodiavin'ireo Kaominina hafa efa voasokajy ho amin'izany
5. Ny fanambarana fa ho isan'izany "centre d'excellence" na "Ivotoerana mendrika amin'ny fametrahana ny miralenta eny ifotony" izany ny Kaominina Mitsinjo Betanimena, rehefa nanaiky ireo ekipa mpitantana ny Tanàna tamin'ireo fanadihadiana natao taminy. Notsiahivina koa anefa ireo dingana samihafa mbola miandry ny Kaominina Mitsinjo Betanimena, ka tafiditra anatin'izany izao atrik'asa hatao izao.

- **Firafitra sy fizotry ny fandaharana (jereo tovana)**

Nandritra ireo andro efatra nifanesy kosa dia nirosoana ny fampiofanana momba ny miralenta sy ny fampandrosoana, ary ny mahakasika ny vehivavy manoloana ny fifidianana ifotony niarahana tamin'ireo solotenan'ireo herivelona misy eto amin'ny Kaominina sy ireo mpizaika avy @ Kaominina hafa.

- **Mpandray anjara (jereo tovana B)**

Voasolo avokoa ireo sehatra isan-karazany toy ny Fokontany, ny Mpanatanteraka, ny Ankolafin-Kery Samihafa sy ireo fikambanam-behivavy, ny sehatry ny Fampianarana, ny Fiangonana, ireo solotena avy amin'ny Commune hafa anatin'ny Distrika Toliara II, ary tsikaritra ny faharetan'izy ireo hatramin'ny farany nandritra ny fiofanana 4 andro.

- **Tetikasam-piaraha-monina**

Tafiditra tao anatin'ny fanazavana nomen'ny mpampiofana hatreny am-piandohana ny mahakasika ny famolavolana ny Tetikasam-piaraha-monina. Isan'ny navoitra tamin'izany fa :

1. Ny Tetikasam-piaraha-monina hovolavolaina dia miainga amin'ny zava-misy marina ety anivon'ny Kaominina tsirairay avy.
2. Ialohavan'ny fiofanana mahakasika ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanapariaham-pitondrana, ny Vondrom-paritra Itsinjaram-pahefana sy ireo fepetra ary lalàna momba ny fifidianana izany, mba hahafahan'ny vehivavy manapakevitra hirotsaka ho fidiana.
3. Ireo tranga sy singa samihafa hivoitra mandritra ny fampiofanana miralenta dia efa hanampy sahady ireo mpizaika hahafantatra ny maha-zava-dehibe ny fandraisan'anjara mitovin'ny lahy sy ny vavy.

- **Tombana (jereo tovana)**

Amin'ny ankapobeny dia tafita ny hafatra fototra iompanan'ny fametrahana ny miralenta sy ny vehivavy manoloana ny fifidianana ifotony. Fanontaniana mipetraka ho azy ireo

tsirairay ny fomba entiny hampitana izay norantoviny vokatry ny fifanankalozana nandritra ny atrik'asa, indrindra ny fampiharana ny Tetikasam-piaraha-monina sy ny vitrika hirotsahan'ny vehivavy amin'ny fifidianana ifotony ho avy.

Irian'izy ireo ny hanohizana sy handalinana misimisy kokoa ny miralenta, satria heveriny fa ho mety afaka manadalina misimisy kokoa izy ireo raha ampy ny fotoana.

ZAVA-MISY:

Tantara

Ny Gender Links dia Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana na Organisation Non Gouvernementale iray manana ny foiben-toerany atsy Afrika Atsimo, miasa ary mampiroborobo ny Miralenta sy ny ady amin'ny Herisetra indrindra mianjady amin'ny Vehivavy sy ny Ankizy. Firenena 14 manerana ny Faritra Atsimon'i Afrika no iasan'ny Gender Links ka isan'izany i Madagasikara. Tamin'ny volana jolay 2011 no nomarihina ara-pomba ofisialy ny fisokafan'ny masoivihony eto Madagasikara.

Ny PNUD dia ny Fandaharanasan'ny Firenena mikambana ho amin'ny Fampanandrosoana. Miasa amin'ireo Faritra roa lehibe eto Madagasikara izy dia Analamanga sy Atsimo Andrefana amin'ny alalàn'ny tohana ho fametrahana ny Fanjakana tsara tantana sy amin'ny lafiny maro no hahafantaran'ny rehetra azy.

Ankoatra ireo Kaominina izay efa voafidin'ny Gender Links ho "centre d'excellence" na "Ivotoerana mendrika amin'ny fametrahana ny miralenta eny ifotony" ka efa mampihatra ny fijery Miralenta tamin'ny taona 2010, dia nihitatra tamin'ireo sehatra hafa toy ny fikambanana misahana ny Miralenta sy ny Fitondrana ifotony ny fanaparitahan'ny Gender Links ny asany tamin'ny 2011.

Nohon' ny fahatsapan'ny roa tonta, dia ny ONG Gender Links sy ny PNUD ny fifamenoan'ny tanjona napetrak'izy ireo tsirairay avy, indrindra ny mahakasika ny fampahombiazan'ny Fitondrana ifotony eto Madagasikara, dia nanao Fifanekem-piarahamiasa vita Sonia ny taona 2012 izy ireo, ka ny tanjona napetraka dia ny fampidirana ny fomba fijery miralenta amin'ny fitantanana eny ifotony, sy ny mahakasika ny vehivavy manoloana ny fifidianana ifotony izay hatao eto Madagasikara amin'ny taona ho avy. Kaominina miisa 16 izay iasan'ny PNUD no nofidiana hanatanterahana ny tetikasa.

FIZOTRY NY ATRIKASA

- Fizotry ny atrikasa nanomboka teny am-piandohana ka hatramin'ny nifaranany

Isan'ny Mpizaika : 25 ny isan'ireo mpizaika izay nahitana mpiasan'ny kaominina , birao mpanatanteraka kaominaly, mpampianatra, Sefom-pokontany, Fikambanana samihafa (fikambanam-behivavy).

Rehefa izany dia nozaraina tamin'ny mpizaika ny Boky Torolalana fampiofanana, ary narahana fanazavana izany fa fitaovana iray mandaitra sy manomora ny fampiofanana io.

LOHAHEVITRA 1

NY FIFANARAHAN'NY FARITRA ATSIMON'I AFRIKA MOMBA NY MIRALENTA SY FAMPANDROSOANA

Tanjona : Fampahafantarana ny mpandray anjara ny votoatin'ny Fifanarahan'ny Faritra Atsimon'I Afrika (F.A.A.)

Tanjon'ny lohahevitra:

- Fampahalalana ireo fitaovana hivoizana ny miralenta isam-paritra sy amin'ny firenentsamihafa
- Famohazana ny sain'ny mponina (mpizaika) fa natao ho an'ny fiainan'ny vehivavy eo anivon'ny fiarahamonina sy eo amin'ny firenena ireo fitaovana ireo (fifanarahana)

Zavatra natao:

- Famaliana ny Quiz

FANONTANIANA	NAHAMARINA	NANDISO	VALINY MARINA
Laharana 1	12	13	c - Tamin'ny 2008 tany Johannesburg
Laharana 2	08	17	a – Eny
Laharana 3	15	10	a - Botswana sy Maurice
Laharana 4	06	19	b – 28
Laharana 5	12	13	a - 50% amin'ny 2015
Laharana 6	09	16	b - Fampihenana antsasaman'ila ireo tranga na herisetra izay misy amin'izao fotoana izao amin'ny 2015

- Ady hevitra sy famaliana ny fanontaniana momba ny fanalavana ny SADC sy ireo fifanarahana hafa nanaovan'I Madagasikara Sonia sy nekeny

1- Karazana fifanarahana nanaovan'I Madagasikara Sonia sy nekeny

Eo amin'ny iraisam-pirenena:

- Conference de Beijing na Beijing 1995
- DUDH: Déclaration Universelle de Droit Humain
- OMD : Objectif du Millenium pour le Développement
- CEDAW (teny anglisy)/ FIFEV: Fifanarahana iraisam-pirenena ho Fanafoanana ireo Endrim-panavakavahana mianjady amin'ny Vehivavy

Rejionaly na Faritra:

- Protocole SADC : Fifanarahan'ny Faritra Atsimon'I Afrika mahakasika ny miralenta sy fampandrosoana

Nasionaly: MAGAGASIKARA

- Lalam-panorenana
- MAP : Madagascar Action Plan
- PNPF : Politique Nationale de la Protection Féminine
- PCD : Plan Communal de Développement Sabotsy Namehana
- PANAGED: Plan d'Action National pour le Genre et Développement

Nomarihan'ny mpampiofana fa mba hisorohana sahady ny mety ho fifangaroana mandritra ny fampiofanana atao, raha vao miresaka hoe "région" na Faritra dia tsy ireo miisa 22 eto Madagasikara akory fa oharina amin'ny toerana na faritra misy an' i Madagasacr;

ohatra : Faritra Atsimon'I Afrika na ny SADC sy ny toerany miohatra amin'ny ranomasina Océan Indien.

Rehefa nandeha ny adihevitra dia hita fa tsy dia vahiny tamin'ny mpizaika ny fahenoana ireo karazana teny sy ireo fifanarahana ireo saingy fahalalana fotsiny ihany fa tsy fantatra ny lanjany sy ny tokony hampiharana azy eo amin'ny fampandrosoana.

Famintinana :

Ny FAA izay halavaina hoe « Fifanarahan'ny faritra Antsimo ao Afrika » (SADC) dia ireo fikambanan'ny Firenena niady ny hisian'ny Miralenta sy ny Fampandrosoana eo anivon'ny Firenena. Anisan'ny zavatra niadiana ny hanaovan'ireo Firenena sonia ilay FAA na ny Protocole de la SADC izay ahitana tanjona maromaro.

Koa satria i Madagasikara efa nanao sonia io Fifanarahana io, dia nohazavaina fa anisan'ny hirotsaka sy hiaina izany miralenta sy ny fampandrosoana izany ihany koa ny Kaominina Mitsinjo Betanimena. Ary dia efa nazavazava sahady ho an'ny mpizaika ny zavatra andrasana aminy, ankoatry ny fanentanana mavesatra ho firotsahan'ny vehivavy amin'ny fifidianana ifotony ho avy eo.

LOHAHEVITRA 2

NY HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA

Zavatra natao :

- Famakiana miaraka ny **Tanjona** amin'io lohahevitra io ;

Rehefa voavaky ny tanjona dia hita fa : ny hahazain'ny tsirairay manavaka ny Toetra voajanahary (Sexe) mampiavaka lahy sy ny vavy, ary fombafomba amam-panao novolen'ny fiaraha-monina (Genre) hanavahana ny vehivavy amin'ny lehilahy.

Asa natao :

Ny fampiasana voalohany : fizarana ho an'ny mpizaika cartonnette efa misy karazana toetra sy anjara asa ary nasaina nametaka tsirairay eny amin'ny tabilao mizara tsanganany roa dia ny lahy sy ny vavy izy ireo.

Rehefa natao ny famadihan-toerana ny Tsanganana misy ny Lahy amin'ny tsanganana misy ny Vavy, dia teraka ho azy ny ady hevitra. Rehefa noraisina tsirairay anefa ireo toetra aman'adidy heverina fa iombonan'ny Lahy amin'ny Vavy, dia nanaiky ary resy lahatra ihany ny mpizaika sasany izay nihazona fa misy toetra sy andraikitra natao manokana ho an'ny lehilahy, toy ny mitondra taxi brousse, manao maçon, sns...; dia mba mety ho vitan'ny vehivavy ihany koa;

Tsoakevitra :

Ny ady hevitra sy ny fampiasana natao dia nahazoan'ny mpizaika tsara ny tiana hahatongavana sy ny tsoakevitra manaraka ireto, izay niombonan-kevitra ny rehetra ny mampitombona azy tanteraka dia ny :

1. Ny voajanahary na ny Sexe dia ireo toetra sy anjara asa izay avy amin'ny Mpamorona ka tsy azo ovaina, na koa hoe toetra raikitra ireo, ohatra: ny vehivavy irery ihany no bevohoka, miteraka, mampinono, misy fadim-bolana; ary ny lehilahy irery no mampaniry volom-bava, misy filahiana, ary vaky feo.
2. Ireo fiheverana novolavolaina na noforonin'ny fiaraha-monina na ny Genre ny amin'ny mety ho toetra na anjara asa hanavahana ny lahy amin'ny vavy dia azo ovaina

tanteraka. Izay no mahafaritra tsara ny atao hoe Miralenta, dia ny fahafahan'ny vavy sy lahy samy manana toetra sy misahana andraikitra mitovy.

3. Tsy miady hanova ny voajanahary velively ny Miralenta, fa miady handrodana ireo fiheverana novolavolain'ny fiaraha-monina ny amin'ny toetra aman-asa voatokana ho an'ny lehilahy na ho an'ny vehivavy kanefa mampisy fiantraikany ratsy eo amin'ny isam-batan'olona na ny fampandrosoana amin'ny ankapobeny.
4. Ireo izay nandà fatratra teo aloha fa misy ny toetra sy asa amandraharaha manokana ho an'ny vavy na ho an'ny lahy, taorian'ny adihevitra, dia nanaiky ny fahamarinan'izay voalaza. Notsoahina tamin'izany ary fa ny fanombohana ny Miralenta dia ny fanekena hanova ny foto-pisainana izay mitaky asa lehibe.

Tao anatin'io fampiasana io dia samy niaiky ny rehetra fa ny asa afaka ataon'ny lehilahy dia afaka ataon'ny vehivavy avokoa. Ary dia niarahana nanaiky fa fitsinjarana andraikitra no misy, fa mety ho samy vitan'ny lahy sy vavy ireo andraikitra voalaza teo. Nisongadina fa



mahakasika ireo andraikitra eny amin'ny Kaominina, dia azo hataon'ny vehivavy sy ny lehilahy avokoa izany.

Nipetraka anefa ny fanotaniana hoe : maninona no tonga dia mandeha ho azy ary efa eken'ny fiaraha-monina manontolo mihitsy ny hoe ity dia andraikitra voatokana ho ataon'ny lehilahy na voatokana efa ataon'ny vehivavy?

Asa natao:

Noraisina ny fampiasana laharana 6 amin'ny Boky Toro-lalana pejy faha 43 mba hisontonana ny sain'ny mpizaika fa iainany tokoa ireny fiheverana ireny na dia tsy tonga saina loatra ny amin'izany aza isika. Nozaraina Tarika 4 ny mpizaika, ka nomena lohevitra roa avy amin'ireo hita ao amin'ny Fampiasana; ka asaina ny iray amin'ny isan-tarika haneho ny vokatry ny tarika misy azy eny anoloana.

IREO VOKATRA AZO:

Groupe 1

Ohabolana sy oha-pitenenana manindraindra ny lehilahy na manambany ny vehivavy :

- Ory ampiana toa vehivavy
- Aza manao akohovavy maneno
- Lehilahy sarim-bavy
- Tsy handra gny nono
- Vehivavy tsy manday hazomanga
- Omena tinain-kena ny vehivavy

Hira manindraindra ny lehilahy na manambany ny vehivavy :

- Ny vehivavy fanaja : LOLA
- Tsy ny bandy no ratsy fa ny andro no maizina : TSIVAHINY
- Ampiasao le système : BLACK NADIA
- Tsisy quoi ny tsy tama fa vehivavy miasa ny aty : ONJA
- Fo mitomany : NY AINGA

Groupe 2

Horonantsary "Serie: Vahidehi"

- Tsy afaka nanapan-kevitra ny Vehivavy
- Tsy afaka misafidy izay ho vadiny
- Tsy manana fahefana ny vehivavy

Fiaraha-monina - Fivavahana:

- Ny vehivavy silamo dia tsy miditra anaty mosque
- Fivavahana:
- Ny lahy no lohan'ny vavy
- Ianareo vehivavy maneke ny vadinareo
- Silamo: tsy maintsy rakofana ny tavan'ny vehivavy

Groupe 3:

Fomba fanao / Kolotsaina :

- Ny Fanandroana, Famadihana , Fora zaza, vakisaova ary ny raokandro malagasy dia mbola ny lehilahy no misongadina amin'ireo fa tsy dia hita taratra ny vehivavy
- Ny vehivavy fototry ny ota, fanaka malemy, dokam-barotra,mpanara-bady
- Ny lehilahy no lohan'ny fianakaviany
- Petit Cherie : ampela miasa haly, lehilahy miamby trano

Fampianarana :

- Any amin'ny faritra sasany tsy ampianarina ny ankizy vavy
- Ny lehilahy no betsaka afaka manohy ny fianarany, betsaka ny vehivavy tsy mahatapitra akory ny ambaratonga I sy II
- Mahay vadin-dahy tsy mahay vadin-dahy

Groupe 4:

Haino aman-jery:

- Hita sy re matetika ao amin'ny haino aman-jery ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy
- Ny sary hita ao amin'ny gazety dia ny Lehilahy no maro an'isa, manatombo ny fanindraindrana azy
- Mbola vitsy ny vehivavy miseho an-gazety, amin'ny lafiny rehetra, dokam-barotra ihany vao mba ahitana vehivavy sady mitanjaka . izany hoe atao fitaovam-pisintomana fotsiny ny vehivavy

TSOAKEVITRA

Maninona no tsy atao mitovy ny karaman'ny lehiahy sy ny vehivavy? Ny ora iasana anefa mitovy, ny asa atao mitovy.

- Ny fiheverana raiki-tapisaka momba ny fisian'ny anjara asa aman'adidy natokana ho an'ny lahy sy natao ho an'ny vavy dia fiheverana napetrakin'ny fiaraha-monina amin'ny fiainana rehetra andavan'andro sy ny kolotsaina misy ka zary niainan'ny taranaka mifandimby ary lasa tarazo.

- Indraindray aza dia heverin'ny fiaraha-monina ho toy ny voajanahary ireo toetra sy asa aman'andraikitra napetraky ny fiaraha-monina fa natokana ho an'ny lehilahy na natokana ho an'ny vehivavy
- Azo ovaina tanteraka ireo raiki-tapisaka napetraky ny fiaraha-monina, indrindra ireo misy fiantraikany ratsy eo amin'ny isam-batan'olona, fianakaviana ary ny fiaraha-monina. Izay rahateo no "tokontany be" hilalaovan'ny Miralenta.

LOHAHEVITRA 3

NY MIRALENTA SY NY FITONDRAM-PANJAKANA

Tanjona:

- Ny fifandraisan'ny miralenta sy ny fitondram-panjakana dia tsy hoe fanomezana toerana ny vehivavy eo amin'ny sehatra Politika na fandraisany anjara amin'ny fanapahan-kevitra ihany fa tena mihoatra lavitra noho izany.
- Atao izay fomba rehetra ahafahana manome lanja ny hevitra atolotrin'ny vehivavy

Hojerena amin'ny alalan'ny asam-baomiera ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy ho tafiditra eo amin'ireo sehatra hanapahan-kevitra sy fitarihana, tsy mahatonga azy handray anjara ary tsy hitondra fanovana ary entanina ny mpizaika hanolotra vahaolana hivoahana amin'izany ihany koa.

Nozaraina tarika telo ireo mpandray anjara, ka napetraka tamin'ny tarika tsirairay ny fijerena ny antony na ny olana mahatonga indrindra ny vehivavy tsy ho afaka miditra, mandray anjara ary mitondra fanovana tsara. Mampiasa emballage ny tarika tsirairay, ary manendry olona iray hitatitra ny asam-baomiera nataony manoloana ny mpizaika rehetra.

Groupe 1:

Fahazoa-miditra

Nomarihina tsara eto fa heverina ho mbola tsy tafiditra amin'ireo sehatra fanapahan-kevitra sy fitarihana mihitsy ny vehivavy

Olana

- Efa toetsain'ny malagasy mihitsy ny manao ankilabao ny vehivavy
- Raiki-tapisaka amin'ny fiaraha-monina fa maivana ny hevi-behivavy
- Tsy ampy ny fotoana ahafahan'ny vehivavy mandray andraikitra ivelan'ny tokantrano
- Sakana ny fahasarotam-piaron'ny lehilahy
- Raiki-tapisaka ao amin'ny toeram-piasana fa tsy ampy hery enti-manatanteraka asa ny vehivavy
- Sakana ho an'ny vehivavy ny tsy fahafantarana ny sehatra tokony hidirany
- Sakana ny tsy fahampian'ny serasera eo anivon'ny vehivavy eo amin'ny fiaraha-monina
- Sakana ny tsy fahampian'ny fikambanam-behivavy sy ny tambazotra ho amin'izany
- Sakana ny tsy fahampian'ny fampiofanana ho an'ny vehivavy
- Sakana ny Tahotra sy ny henatra ho an'ny vehivavy
- Tsy fahatokisan-tena
- Fahasahiranana ara-pivelomana

Vahaolana:

- Fampitomboana sy fanamafisana ny fanentanana sy fampiofanana ny vehivavy
- Fahaizan'ny vehivavy mandrindra fotoana manoloana ny andraikitra sahaniny
- Fanovana toe-tsaina manoloana ny raiki-tapisaka

- Fampiofanana lahy sy vavy miaraka eo anivon'ny fiaraha-monina
- Fifandrindran'ny mpivady manoloana ny andraikitra
- Fananganana tambazotram-behivavy eto anivon'ny Commune
- Fahaiza-manao
- Famoronana sehatr'asa ho an'ny vehivavy
- Fahasahiana mandray andraikitra

Groupe 2:

Fandraisana anjara

Nomarihina tsara eto fa heverina ho efa tafiditra amin'ireo sehatra fanapahan-kevitra sy fitarihana ny vehivavy fa tsy afaka mandray andraikitra izy

Olana

- Fahatahorana ny vavan'ny olona (akohovavy maneno)
- Tsy fahampiana fahaizana sy fahalalana (ny vehivavy malady mijanona sekoly)
- Tsy fahazoan-dalana hanatanteraka ny andraikitra avy amin'ny lehilahy (tokantrano)
- Fahamaroan'ny fahasahiranana ao an-tokantrano sy ny fiaraha-monina
- Ny fomba amam-panao no tena anisan'ny sakana tsy handraisana andraikitra (hevi-behivavy)
- Fahasahiranana ara-bola sy ara-pivelomana
- Ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy
- Vitsy an'isa tsy mahaleo ny betsaka
- Tsy fisian'ny mpanohana (hevitra, vola, fitaovana)

Vahaolana:

- Fampiofanana ara-pahalalana, fitarihana (leadership)
- Famoronana asa ho an'ny vehivavy
- Fanomezana lanja sy toerana eo amin'ny lafiny politika
- Fanentanana ny vehivavy hahalala ny andraikitra eo an-tanany
- Fialana amin'ny toe-tsaina raiki-tapisaka sy ny fomba amam-panao
- Fampahafantarana ny lalàna
- Fananganana rafitra miahly mivantana ireo iharan'ny herisetra

Groupe 3:

Mitondra fanovana

Nomarihina tsara eto fa heverina ho efa tafiditra ary efa mandray anjara amin'ireo sehatra fanapahan-kevitra sy fitarihana ny vehivavy fa tsy mitondra fanovana akory izany

Olana

- Vitsy an'isa ny vehivavy eo amin'ilay sehatra
- Tsy fahaiza-manao
- Tsy fahampian'ny enti-manana (vola, fitaovana ...)
- Fijerena tavan'olona
- Tsy to-teny

Vahaolana

- Competence (fahaizana)
- Ialana ny kitranoantrano
- Fahaiza-mitondra tena eo amin'ny fiaraha-monina

TSOAKEVITRA

- Mba hahafahan'ny vehivavy miditra sy mandray anjara ary mitondra fanovana eo amin'ny rafim-pitondram-panjakana sy ireo sehatra fandraisana fanapahan-kevitra sy fitarihana samihafa, dia ilaina hananan'ny vehivavy ny farim-pahaizana mifandraika amin'ny zavatra hataony, ny fahavononany, ary ny fifanarahana eo amin'ny ankohonana sy ny fiarahamonina. Tena mety tokoa araka izany ny fampiofanana momba ny Fitsinjaram-pahefana sy Fanapariaham-pitondrana, indrindra ny fanampiana ireo mpilatsaka ho fidiana na antoko politika hamolavola ireo Tetikasam-piaraha-monina ho entina mandresy lahatra ny mpifidy sy ho fandaharam-pandrosoana rehefa tonga eo amin'ny toerana fandraisana fanapahan-kevitra

- Ilaina ny fanabeazana ny lehilahy mba hanaiky fa afaka mitana andraikitra eo amin'ireo



sehatra fandraisana fanapahan-kevitra sy fitarihana ny vehivavy, ary mila ny fanohanana'izy ireo izany

Noraisin'ny mpampiofana ho azo ampiarina amin'izao atrik'asa izao io tsingerina voalaza etsy ambony io. Nohazavainy fa sehatra iray fanapahan-kevitra ity atrik'asa atao ity, satria efa miomana dieny izay ireo mpirotsaka ho fidiana hanolotra sy hanatanteraka ny fandaharan'asany.

LOHAHEVITRA 4

HEVITRA ANKAPOBENY MAHAKASIKA NY FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY FANAPARIAHAM-PITONDRANA

Tanjona :

- ▶ Fampiroboroana ny fampandrosoana ifotony amin'ny alalan' ny fampandraisana anjara ny rehetra
- ▶ Mametraka ary manamafy orina ny demokrasia ifotony
- ▶ Fametrahana ny fintantanan-draharaha manantona ny vahoaka
- ▶ Fampifandraisana sy fandrindrana tsaratsara kokoa hatrany ny tena filan'ny mponina sy ny fanampahan-kevitra politika mifandraika @ fampandrosoana
- ▶ Fanadratana sy fanalalahana ny finiavana hihetsika ny fanomezan-danja ny orikarena eo @ faritra sy eo an-toerana

Asa natao :

Nasaina nizara ho tarika roa, ary niezaka namaritra ny atao hoe Fitsinjaram-pahefana ny tarika voalohany, ary ny Fanapariaham-pitondrana ny tarika faharoa.

Notohizana tamin'ny fanadihadiana ireo "slides" efa voahomana mahakasika io lohahevitra ion y fampiofanana :

Nivoitra tamin'izany ireto hevi-dehibe manaraka ireto:

FITSINJARAM-PAHEFANA :

- ▶ Tokana ny fanjakana
- ▶ Fizankan-tena aram-pintantanana sy ara-bola
- ▶ Fifidianana ireo ratsa-mangaika
- ▶ Fanapahan-kevitra ny Vondrom-paritra itsinjaram-pahefana izay azo tanterahana avy hatrany
- ▶ Fitsinjarana ara-drarinny sy ampiheverana ny fahefana eo amin'ny Fanjakana sy ny Vondrom-paritra
- ▶ Famindram-pahefana arahina famindrana loharanom-bola
- ▶ Fanafoanana ny fiahina sy ambaratongam-pamboniana eo amin'ny samy vondrom-paritra
- ▶ Fanamarinana ny fanarahan – dalàna ataon'ny Solotenam-panjakana aty aorian'ny fanapahan-kevitra sy ny sora-draharaha

Nomarihana fa tsy afaka misaraka amin'ny Fanapariaham-pitondrana isika, raha te hametraka tokoa ny Fitsinjaram-pahefana

FANAPARIAHAM-PITONDRANA

- ▶ Ny fanampariaham-pitondrana dia teknikam-pitantanan-draharaham-panjakana izay mamindra amin'ny solotena eny an-toerana ny fahefana handray fanapahan-kevitra sasantsansany. Io solotena eo an-toerana io dia mbola eo ambany fiahian'ny manampahefana iray any amin'ny Fanjakana foibe
- ▶ Tsy dia manana soatoavina demokratika ny fanapariaham-pitondrana. Misongadina izy amin'ny foto-kevidehibe izay mampiseho ny fiankinan-doha akaiky amin'ny Fanjakana
- ▶ Ny rafitra voakasiky ny fanapariaham-pitondrana dia tsy manana fizakan-tena aradàlana , Ratsa-mangaikan'ny rafitra ara-panjakana ny rafitry ny fanapariaham-pitondrana
- ▶ Ny Fanjakana no manendry ny olona hisolotena azy izay hiteny sy hiasa amin'ny anarany ao anaty ny fari-piadidiana izay mandamina ny toerana ananany fahefana nefa tsy manohitohina ny maha iray ny Fanjakana
- ▶ Ny fitantanan-draharaha dia mijanona eo am-pelatanan'ny fitondrana foibe na eo amin'ireo olona notendreny, ka ny isan'ireo dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny fepetra sy fenitra ankapobe navoakan'ny fitondrana foibe
- ▶



Hita fa nahaliana tokoa ny mpizaika ny fanadihadiana io Lohahevitra io, fa na dia ireo efa am-perinasa aza .

LOHAHEVITRA 5
HEVITRA SY TETIKA HAHATONGAVANA AMIN' NY MIRALENTA

Tanjona :

- Fampahafantarana ny antony mahatonga ny Miralenta ho tsy azo sarahina amin'ny fampandrosoana;
- Fanasongadinana ny mahasamihafa ny filana fototra andavanandro sy ny filana maharitra mila paik'ady izay anisan'ny voizin'ny miralenta mba tsy hisian'ny elanelana be eo amin'ny isan-tokantrano
- Fijerena akaiky ireo hevitra fototra hoenti-miroso amin'ny fanatanterahana ny Miralenta sy ny fampidirana ireo foto-kevitra ireo any amin'ny drafitra fampandrosoana.

Asa natao :

Nasaina nijery ny fampiasana ao amin'ny pejy 84 ao amin'ny Boky Torolalana ny mpizaika, dia nentanina hamaly ny fanontaniana mipetraka eo amin'ny pejy faha 85. Isaky ny valim-panontaniana iray amin'ireo fanontaniana roa voalohany dia nosokafana foana ny ady hevitra. Voamarika ary niraisan'ny rehetra avy eon y valiny amin'ireo fanontaniana:

1. "Manome vola azy hividianany entana". Mamaly avy hatrany ny filàn'ilay olona izany, ary mahavonjy azy eo no ho eo. Azo atao raha tsy manana ianao ny "miangavy an'ireo namanao hanampy azy".
2. "Manome fiofanana azy ahafahany manangana orinasa madinika". Vahaolana iray maharitra, mitaky fotoana kanefa mety hanala ny fahasahiranany nohon'ny fananany asa maharitra fa tsy antselika intsony. Rehefa izay dia "manoro hevitra azy ny amin'izay toerana mety hahazoany mindam-bola".

Nisokatra avy eo indray ny ady hevitra momba ny famaritana ny atao hoe "filana fototra andavan'andro" sy ny "filana maharitra mila paik'ady". Nomarihana ny hevitra nivoaka avy amin'ny mpiofana :

Filàna fototra andavan'andro:

- Eo no ho eo sady mora atrehina amin'ny ankapobeny
- Fanomezana zavatra mivaingana sy azo tsapain'ny Tanana
- Mora lany ihany koa sy mora levona ary dia hitady indray avy eo

Filàna maharitra mila paik'ady

- Lavitra ezaka
- Mila ny ezakin'ny tsirairay
- Azo tohizana mandritra ny androm-piainana
- Afaka ifampizarana vondrona maromaro na olona maromaro
- Misy fiatraikany any amin'ny saina

